



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-9 EX

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY FANDAHARAM-  
POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY  
ALATSINAINY 12 AOGOSITRA 2019 KA HATRAMIN'NY  
ZOMA 23 AOGOSITRA 2019, NOVOLAVOLAINA TANY AMIN'NY  
"CONFÉRENCE DES PRÉSIDENTS".**

Fivoriana faha-2  
Natao ny  
Talata 13 Aogositra 2019  
- Tolak'andro -

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne  
- Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

**FOTOANA:** Talata 13 Aogositra 2019 tamin'ny 3 ora sy 50 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 12 Aogositra 2019 ka hatramin'ny Zoma 23 Aogositra 2019, novolavolaina tany amin'ny "Conférence des Présidents".

Rehefa avy niarahaba ny mpivory sy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antsiranana no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, mbola niangavy ny Mpitantsoratra hamaky ny «Arrêt n°48-HCC/AR du 13 août 2019 portant constatation de vacance de sièges de député et remplacement desdits députés nommés membres du Gouvernement», Ramatoa Filoha, ka Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe no nanatontsoa izany ka toy izao no fivakiny:

LA HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE,

Vu la Constitution;

Vu l'ordonnance n°2001-003 du 18 novembre 2002 portant loi organique relative à la Haute Cour Constitutionnelle;

Vu la loi organique n°2018-010 du 11 mai 2018 relative à l'élection des Députés à l'Assemblée nationale;

Vu la liste des candidats à l'élection des députés à l'Assemblée Nationale;

Vu l'arrêt n°45-HCC/AR du 02 juillet 2019 portant proclamation des résultats officiels des élections législatives du 27 mai 2019;

Vu le décret n°2019-1410 du 24 juillet 2019 portant nomination des membres du Gouvernement;

Le rapporteur ayant été entendu;

Après en avoir délibéré conformément à la loi;

### **SUR LA FORME**

1. Considérant que par lettre n°031-AN/P/SG/19 du 26 juillet 2019, le Président de l'Assemblée nationale saisit la Haute Cour constitutionnelle aux fins de constatations de la vacance de sièges de Députés à l'Assemblée nationale,

à la suite de la nomination comme membre du Gouvernement de Madame Lucien Irmah NAHARIMAMY, élue dans le District de Toamasina I (Isika Rehetra miaraka amin'ny Andry RAJOELINA) et de Madame Marie Thérèse VOLAHAINGO, élue dans le District de Bealanana (Isika Rehetra miaraka amin'ny Andry RAJOELINA) et de procéder à leur remplacement;

2. Considérant que la saisine, effectuée par un Chef d'institution conformément aux dispositions de l'article-118 alinéa premier de la Constitution, est régulière et recevable;

### **SUR LE FOND**

3. Considérant qu'aux termes de l'article 71, alinéa 2, de la Constitution, *«Le député nommé membre du Gouvernement est suspendu d'office de son mandat. Il est remplacé par son suppléant»;*
4. Que par décret n°2019-1410 du 24 juillet 2019, les députés Lucien Irmah NAHARIMAMY et Marie Thérèse VOLAHAINGO ont été nommés membres du Gouvernement;
5. Qu'il y a donc lieu de les suspendre d'office de leur mandat et de constater la vacance de sièges de Député à l'Assemblée Nationale;
6. Considérant que selon l'article 51 nouveau de la loi organique n°2018-010 du 11 mai 2018 relative à l'élection des députés à l'Assemblée Nationale: *«En cas de vacance de siège, le Président de l'Assemblée Nationale saisit la Haute Cour Constitutionnelle dans les sept (7) jours de la vacance.*

*Sauf en cas d'annulation de l'élection, le Député dont le siège devient vacant est remplacé jusqu'au renouvellement de l'Assemblée Nationale:*

*-par son suppléant pour le cas des circonscriptions qui ne comportent qu'un seul siège à pourvoir;*

*-par le suivant de la liste dans l'ordre de leur présentation dans la liste pour le cas des circonscriptions qui comportent plusieurs sièges à pourvoir.*

*Le Député qui accepte des fonctions gouvernementales et remplacé temporairement suivant les dispositions du présent article. Il recouvre son mandat de Député lorsque ses fonctions gouvernementales viennent à cesser»;*

7. Considérant que cette disposition a pour but d'assurer la disponibilité permanente du suppléant appelé à remplacer un Député; que le législateur a établi des modalités de remplacement différentes pour les circonscriptions à un siège et celles à deux sièges; qu'en conséquence, il y a lieu de proclamer comme Députés à l'Assemblée Nationale, le deuxième candidat de la liste «Isika Rehetra miaraka amin'i Andry Rajoelina» de Toamasina I et le candidat suppléant de la liste «Isika Rehetra miaraka amin'i Andry Rajoelina» de Bealanana;

**PAR CES MOTIFS,**

**ARRÊTE:**

**Article premier.**- Les Députés Lucien Irmah NAHARIMAMY et Marie Thérèse VOLAHAINGO, nommés membres du Gouvernement, sont suspendus d'office de leur mandat.

**Article 2.**- La vacance de sièges de Député à l'Assemblée Nationale est constatée.

**Article 3.**- Sont proclamés Députés à l'Assemblée Nationale, les candidats:

-Justin FAMINDRA, deuxième de la liste «Isika Rehetra miaraka amin'i Andry Rajoelina» de Toamasina I;

-Jean Emanielson RAVENASY, suppléant de la liste «Isika Rehetra miaraka amin'i Andry Rajoelina» de Bealanana.

**Article 4.**- Le présent Arrêt sera notifié au Président de la République, au Président du Sénat, au Président de l'Assemblée Nationale, au Premier Ministre, Chef du Gouvernement, au Président de la Commission Electorale Nationale Indépendante, et publié au Journal Officiel de la République.

Ainsi délibéré en audience privée tenue à Antananarivo, le mardi treize août deux mille dix-neuf à neuf heures, la Haute Cour Constitutionnelle étant composée de:

Monsieur RAKOTOARISOA Jean Eric, Président

Madame ANDRIANARISOA RAVELOARISOA Fara Alice, Haute Conseillère-Doyenne

Monsieur TSABOTO Jacques Adolphe, Haut Conseiller

Monsieur TIANDRAZANA Jaobe Hilton, Haut Conseiller

Madame RAMIANDRASOA Véronique Jocelyne Danielle, Haute Conseillère

Monsieur DAMA Andrianarisedo Retaf Arsène, Haut Conseiller

Madame RANDRIAMORASATA Maminirina Sahondra, Haute Conseillère

Monsieur ZAFIMIHARY Marcellin, Haut Conseiller

Madame RABETOKOTANY Tahina, Haute Conseillère

Et assistée de Maître RALISON Samuel Andriamorasoa, Greffier en Chef.

Fait à Antananarivo le 13 Août 2019

Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne indray teto no nitarika ny fivoriana ary Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica no Mpitantsoratra nanampy an'Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny «arrêt» avy tany amin'ny HCC, Ramatoa Filoha ary nanambara ihany koa, fa Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José no lany ho Filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM taorian'ny fivoriana nataon'ireo Solombavambahoaka ireo.

Nanao satroka Andriamatoa REMI dit DJAO Jean, ka rehefa nomena fitenenana izy, nangataka ny hanaovana fivoriana “à huis clos” mba handiniana manokana ny raharahan-tokantranon’ny Solombavambahoaka mialohan’ny handaniana ny volavolam-pandaharam-potoana satria maro ny zavatra manjavozavo mikasika izany. Aleo ny momba antsika no hodinihana vao mandinika zavatra hafa.

Raha nandray fitenenana indray, Andriamatoa JEAN FRANCOIS Michel, nilaza fa tokony halefa ny fandinihana ny “ordre du jour” vao miroso amin’ny fivoriana “à huis clos” ny Solombavambahoaka.

Nanome soso-kevitra kosa Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa amin’ny tokony hampidirana an’izay “huis clos” izay ao anatin’ny volavolam-pandaharam-potoana mialohan’ny handaniana azy. Tokony hahalala ny raharahan-tokantrantsika isika vao manao zavatra hafa ary nambarany fa efa nangataka izany izy taorian’ny fahalanian’ny Mpikambana ao amin’ny Birao Maharitra.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa ao anatin’ny “session extraordinaire” ny Solombavambahoaka izao kanefa arakararak’izay fanapahan-kevitra raisin’ny fivoriambe ihany, izay no arahina.

Nanamarika Andriamatoa REMI dit DJAO Jean raha nomena fitenenana fanindroany, fa tsy tokony haverina intsony ny zavatra nisy taloha ary nandritra ny fotoana naha mpikambana tao amin’ny Birao Maharitra azy, tsy nitsahatra niady ny tombotsoan’ny Solombavambahoaka izy tamin’izany.

Nomarihany ihany koa, fa izy no nanohana tamin’ny fahazoana ny CLD. Noho izany, aleo ny fandinihana ny zavatra mikasika ny Solombavambahoaka no dinihana mialoha. Atao “à huis clos” izany sady tsy angatahana andro intsony. Vitaina aloha ny momba antsika vao miditra amin’ny hafa.

Ny zavatra tsapa tato taloha, ny Filohan’ny Antenimierampirenena tsy afaka miaro ny Solombavambahoaka, ohatra: nogadraina Andriamatoa isany VONINAHITSY Jean Eugène, RAKOTONIANA Pety ary ZAKAHELY Boniface. Izany no ilazana fa aleo isika mandinika ny mikasika antsika aloha.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert kosa nampahatsiahy, fa tokony ao anatin’ny fanaharan-dalàna no hanaovana ny zavatra rehetra. Noho izany, vitaina aloha ny fandinihana ny “ordre du jour” fa rehefa mandinika ny “Règlement Intérieur” vao manatanteraka ny “huis clos”.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert indray nanamarika fa tokony harahina ny «ordre du jour» amin’ny fivoriana tsy ara-potoana tahaka izao ary any amin’ny fandinihana ny “Règlement Intérieur” vao manao «huis clos».

Raha nandray fitenenana kosa Andriamatoa MAMANGY Norbert dia nanentana ny Solombavambahoaka mba ho tonga maro amin’ny asam-baomiera rehefa mandinika ny “Règlement Intérieur” ary niangavy an’Andriamatoa REMI dit DJAO Jean mba ho tonga hanolotra ny soso-keviny mandritra izany.

Nambaran'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa fa voafetra ny olona mahazo mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra any amin'ny asam-baomiera; noho izany, nanolotra soso-kevitra izy amin'ny tokony hanaovana fivoriana «à huis clos» rahampitso maraina.

Naneho ny heviny kosa Andriamatoa MANOLOSOA Felix, fa tsy mety loatra ny hiasana alina satria manjaka ny tsy fandriampahalemana eto amintsika, ka aleo hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence de Présidents", Ramatoa Filoha, ka Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica no nanatanteraka izany ary toy izao no fivakiny:

### **CONFERENCE DES PRESIDENTS**

#### **FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY «CONFERENCE DES PRESIDENTS» NY TALATA FAHA-13 AOGOSITRA 2019**

Nivory ny Talata faha-13 Aogositra 2019 nanomboka tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany. (Jereo ny tovana 1).

Fiarahabana ireo mpivory no nanombohan-dRamatoa Filoha ny fitenenana; noharabainy manokana Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, "Ministre de l'intérieur et de la Décentralisation", nisolotena ny Governemanta sy ny mpiara-miasa aminy. Natao rehefa avy eo ny fampahafantarana ireo Filohan'ny Vaomiera Maharitra tsirairay avy sy ireo Filohan'ny Vondrona Parlemantera izay efa nahavita izany, miaraka amin'ny Mpampakateny Jeneralin'ny Vaomieran'ny Vola sy Tetibola.

Novakiana ary ny volavolam-pandaharam-potoana naroson'ny Birao Maharitra.

Taorian'ny adihevitra sy fanitsiana vitsivitsy dia toy izao ny volavolam-pandaharam-potoana tapaka teo anivon'ny "Conférence des Présidents" ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Talata faha-13 Aogositra 2019 amin'ny 3 ora, tolak'andro, mba handraisana fanapahan-kevitra farany. (Jereo ny tovana 2)

Taorian'ny "QUESTIONS diverses" izay niantefa tamin'Andriamatoa Minisitry ny ankamaroany sy ny fomba fiasa eto amin'ny Antenimierampirenena dia nifarana tamin'ny 12 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana.

**FICHE DE PRESENCE**  
**CONFERENCE DES PRESIDENTS**

**DATE:** 13 Août 2019

**HEURES:** 11H 00

**MEMBRES DU BUERAU PERMENENT**

N°d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	<b>RAZANAMHASOA Christine Harijaona</b>	<b>Président</b>
2	<b>RASOLONJATOVO Honoré</b>	<b>Vice-Président</b>
5	<b>RAHELIHANTA Jocelyne</b>	<b>Vice-Pésident</b>
7	<b>MICHELLE BAVY Angelica</b>	<b>Vice-Pésident</b>
8	<b>HENRI Jean Michel</b>	<b>Premier Questeur</b>
9	<b>RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera</b>	<b>Deuxième Questeur</b>
10	<b>RABENIRINA Maminiaina</b>	<b>Troisième Questeur</b>
11	<b>ANGELE Solange</b>	<b>Rapporteur Général</b>
12	<b>RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina</b>	<b>Rapporteur Général Adjoint</b>

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

N°d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
02	Commission de la Défense Nationale	VELOMAHAZO Patrice	IRD
04	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
05	Commission de l'Energie et de l'Eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
06	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
07	Commission Juridique	IDEALSON	Indépendant
08	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
09	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
10	Commission de Poste et des Télécommunications et des Nouvelles Technologies	MAMANGY Norbert	GPR
12	Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts	RAKOTONDRAZAFY José Alain	IRD
15	Commission de l'Elevage et de la Protection Animale	RAYMOND	Indépendant

16	Commission des Infrastructures et de l'Équipement	ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina	TIM
20	Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle	JEAN FRANÇOIS Michel	TIM
21	Commission de la Sécurité Publique	NAKANY Charly Zafimagnely	IRD
22	Commission de la Santé Publique	RAJAOBELINA Lova Herizo	IRD
24	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	Indépendant
26	Commission de la Jeunesse et Sports	RATSIVAHINISOLO ANDRINIONY	IDR
27	Commission de la Fonction Publique, du Travail et Lois Sociales	FIAROVANA Lovanirina Célestin	IRD
28	Commission de la Population et de la Protection Sociale	TSIMANDRIONA Aida Hardy	IRD
29	Commission de l'Artisanat et du Tourisme	RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine	IRD
30	Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique	CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	IRD
31	Commission du Genre et du Développement	MASY Goulamaly	Indépendant
32	Rapporteur de la Commission des Finances et du Budget	TSARADIA Marco	Indépendant

### **REPRESENTANTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N°d'ordre	GROUPES PARLEMENTAIRES	NOM ET PRENOMS
1	<b>IRMAR</b>	RAHASIMANANA Paul Bert
2	<b>GPR</b>	SATRA Augustin
3	<b>GPR</b>	RAKOTOMAMONJY Neypatraiky
4	<b>GPR</b>	RAMILSON Ange Richard

#### **Représentants du Gouvernement:**

- RAZAFIMAHEFA Tiararivelo      Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation
- YAMICOLE Franckline      Chef de Service des Relations avec les  
Institutions/Primates



**ORDRE DU JOUR**

Pour la période du **Lundi 12 Août 2019** au **Vendredi 23 Août 2019**

**LUNDI 12 AOÛT 2019**

**11H 00**: **OUVERTURE DE LA 1<sup>ère</sup> SESSION EXTRAORDINAIRE 2019 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

**MARDI 13 AOÛT 2019**

**10H 00**: Réunion des membres du Bureau Permanent - Salle BP

**11H 00**: **Conférence des Présidents - Salle BP**

(Les membres du Bureau Permanent, les Présidents des Commissions et les Présidents des Groupes Parlementaires, les Représentants du Gouvernement)

**15H 00**: **SEANCE PLENIERE** - Salle des Séances  
**Adoption de l'ordre du jour**

**MERCREDI 14 AOÛT 2019**

**09H 00**: **Avis du Bureau de la Commission Juridique sur la Proposition de Résolution N°01-2019/PR tendant à modifier l'Arrêté N°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale présentée par le Député HENRI Jean Michel et Consorts - Salle BP**

**10H 00** et **15H 00** + **TRAVAUX DE NUIT**: **TRAVAUX DE COMMISSIONS** - Salle BP

- **Commission Juridique (Saisie au fond)**

Proposition de Résolution N°01-2019/PR tendant à modifier l'Arrêté N°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale présentée par le Député HENRI Jean Michel et Consorts.

**VENDREDI 16 AOÛT 2019**

**10H 00**: **SEANCE PLENIERE** - Salle des Séances

**Présentation du Programme de mise en œuvre de la Politique Générale de l'Etat (PGE) par Monsieur le Premier Ministre, Chef du Gouvernement.**

**LUNDI 19 AOÛT 2019**

**09H 00**: **SEANCE PLENIERE** - Salle des Séances

Proposition de Résolution N°01-2019/PR tendant à modifier l'Arrêté N°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale présentée par le Député HENRI Jean Michel et Consorts.

**MARDI 20 AOÛT 2019**

**09H 00: Avis du Bureau de la Commission Juridique sur la Proposition de Loi N°01-2019/PL modifiant certaines dispositions de la Loi N°2011-013 du 09 Septembre 2011 portant Statut de l'Opposition et des partis d'opposition présentée par le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Vice-Président de l'Assemblée Nationale.**

**10H 00 et 15H 00+TRAVAUX DE NUIT: TRAVAUX DES COMMISSIONS - Salle BP-  
-Commission Juridique (saisie au fond)  
-Commission de l'intérieur et de la Décentralisation (saisie pour avis)**

Proposition de Loi N°01-2019/PL modifiant certaines dispositions de la Loi N°2011-013 du 09 Septembre 2011 portant Statut de l'Opposition et des partis d'opposition présentée par le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Vice-Président de l'Assemblée Nationale.

**SEANCE PLENIERE - Salle des Séances****MERCREDI 21 AOÛT 2019****10H 00 et 15H 00+ TRAVAUX DE NUIT**

Proposition de Loi N°01-2019/PL modifiant certaines dispositions de la Loi N°2011-013 du 09 Septembre 2011 portant Statut de l'Opposition et des partis d'opposition présentée par le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Vice-Président de l'Assemblée Nationale.

**JEUDI 22 AOÛT 2019****ET****VENDREDI 23 AOÛT 2019**

Proposition de Loi N°01-2019/PL modifiant certaines dispositions de la Loi N°2011-013 du 09 Septembre 2011 portant Statut de l'Opposition et des partis d'opposition présentée par le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Vice-Président de l'Assemblée Nationale.

**VENDREDI 23 AOÛT 2019****16H 00: CLOTURE DE LA 1<sup>ère</sup> SESSION EXTRAORDINAIRE 2019 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa RAKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges, nanambara izy fa mbola tsy fotoanan'ny "huis clos" izao ary nametra-panontaniana amin'ny fisian'ny asa alina kanefa tsy misy fiara no sady lavi-podiana ny ankamaroany.

Nanamafy kosa Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery, fa tokony hatao androany ny "huis clos" no sady foanana ny asa alina ary ajanona ny famonoana afo. Tokony hojerena ihany koa ny tombotsoan'ny Solombavambahoaka alohan'ny hitondrana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana eto amintsika. Niangavy ny tsy hiasana alina ihany koa ny tenany taorian'izay.

Raha nomena fitenenana Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore dia fanamarihana mikasika ny tokony hanitsiana ny tatitra no nataony no sady nanamafy ny mahatsara ny hanatanterahana ny “huis clos” mialohan’ny zavatra rehetra.

Nanamarika Andriamatroa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph, fa tokony hatao mialoha ny fivoriana “à huis clos”.

Raha sendra misy ny fiasana alina, ahoana no tokony hiarovana ny Solombavambahoaka satria tsy milamina ny tany.

Nampatsiahivin’Andriamatroa VELONTSARA Paul Bert, fa nanao velirano tamin’ny vahoaka mpifidy isika, ka tokony tsy hatahotra ny hiasa alina.

Tokony hovaina ihany koa ny fomba fisainana satria rehefa tsy mitovy hevitra aminao ny hafa dia lazaina fa mpamono afo.

Andriamatroa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot kosa nanambara fa tonga nanatrika ny fivorian’ny «Conférence des Présidents» ny tenany kanefa tsy voasoratra ny anarany.

Taorian’izay, mety kosa, hoy izy raha atao avy hatrany ny fivoriana «à huis clos».

Soso-kevira kosa no natolotry ny Solombavambahoaka MASY Goulamaly Marie Jeanne d’Arc, amin’ny tokony handraisana fanapahan-kevitra alohan’ny handaniana ny «ordre du jour» ary aorian’izay, miroso amin’ny «huis clos» avy hatrany.

Andriamatroa REMI dit DJAO Jean kosa nanamarika, fa nanao velirano tamin’ny vahoaka isika mba hampandroso ny faritra niaviantsika; izany indrindra no ilana ny hanaovana «huis clos» satria raha raisina ohatra ny CLD tokony efa hiakatra ny vola momba izany amin’izao fotoana izao.

Mikasika ny fivoriana amin’ny alina, tsy tokony hisy izany satria tsy mitovy ny zava-misy tamin’izany fotoana izany sy ny amin’izao. Taloha, nisy fiarovana ny Solombavambahoaka raha miasa alina, nisy fiara nitatitra tamin’izany, amin’izao kosa tsy misy an’izany intsony.

Andriamatroa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, indray nanamarika fa nisy latsaka ny anaran’ny mpikambana ao amin’ny Birao Maharitra, ka tokony hahitsy izany.

Notsiahiviny fa fivoriana tsy ara-potoana izao atao izao, ka tokony hiroso amin’ny fandaniana ny volavolam-pandaharam-potoana aloha ny mpivory ary ao anatin’izany no hijerena ny fotoana hanaovana ny «huis clos».

Nandroso soso-kevitra Andriamatroa TSITARA Roger Osman, fa tokony hatao vetivety ny fivoriana «à huis clos» ary tsy hivoaka ny zavatra resahina mandritra izany fotoana izany.

Nampahatsiahy Andriamatroa RABEKIJANA Solofo Hery, fa efa natao ho andro tsy iasana ny Alatsinainy sy ny Zoma kanefa tafiditra ao anatin’ny volavolam-pandaharam-potoana ihany izany.

Nangataka ny hirosoana amin’ny tsangan-tànana izy amin’ny tokony hanaovana «huis clos» na tsia.

Rehefa tapitra ny fandraisam-pitenenan’ny Solombavambahoaka; nambaran-dRamatoa Filoha fa hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 17 no nanaiky ny hirosoana amin'ny fandinihana ny volavolam-pandaharam-potoana.  
Solombavambahoaka miisa 56 no nandany fa hatao ny fivoriana "à huis clos".

Noho izany, nasain-dRamatoa Filoha, nakatona ny efitrano fivoriana ary niangaviany hivoaka ny mpanatrika fivoriana fa ny Solombavambahoaka ihany no mijanona hanohy ny fivoriany.

Niato tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana azon'ny besinimaro natrehana.

Nitohy tamin'ny 7 ora, alina, ny fivoriana ary Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, no nitarika izany.

Niroso avy hatrany tamin'ny fandaniana ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 79 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, namabaran-dRamatoa Fioha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 12 Aogositra 2019 ka hatramin'ny Zoma 23 Aogositra 2019.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha dia ny hisian'ny fankan-kevitra hataon'ny biraon'ny Vaomieran'ny Fanaovan-dalàna ny Alarobia, amin'ny 9 ora, maraina. Aorian'izay; miroso amin'ny fandinihana ny tolo-pehin-kevitra laharana faha-01-2019/PR "tendant à modifier l'arrêté n°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale présentée par le Député HENRI Jean Michel et consorts» indray ny Solombavambahoaka.

Niato tamin'ny 7 ora sy 10 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona